


DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Manaiky ny Tenantsika

Niaritra ny fandavana antsika i Jesosy mba hahazoantsika ny fankasitrahana ananany eo anatrehan’ny Ray.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Avy amin’ny asan’ny finoana, dia tsy maintsy mino izay lazain'Andriamanitra ao amin'ny Baiboly ianao: fa ekena ao amin'i Kristy ianao. Ny soratra masina dia milaza amintsika fa ny fikasan’Andriamanitra mandrakizay dia ny hahatonga antsika ho Zanany, ary nanatanteraka izany tanjona izany Izy, dia Nataony ho tanteraka, tamin’ny alalan’ny fahafatesan’i Jesosy teo amin’ny hazo fijaliana ho antsika (jereo ny Efesiana 1:4–6). Rehefa manatona an’Andriamanitra amin’ny alalan’i Jesosy ianao, dia manaiky anao Andriamanitra. Tsy hampiala anao Izy.

Raha te hanao io dingana mankany amin'ny fanekena, io ianao dia tsy maintsy manaiky ny tenanao. Imbetsaka, io no zavatra sarotra indrindra ataontsika. Mitodika any amin'ny firaketana an-tsoratra momba ny tsy fahombiazana sy ny fiandohana diso isika, angamba ny fomba nandresentsika ny hafa. Mety hilaza ny tenanao hoe “tsy fahombiazana” ianao, fa Andriamanitra kosa miantso anao hoe “Zanako lahy” na “Zanako vavy”. Tsy maintsy manaiky ny tenantsika isika satria efa nandray antsika Andriamanitra.

Rehefa manatona an'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy ianao dia olom-baovao:

> " Koa raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo. Fa izany rehetra izany dia avy amin'Andriamanitra, Izay nampihavana antsika taminy amin'ny alalan'i Kristy sady nanome anay ny fanompoana fampihavanana,” (2 Korintiana 5:17–18)

Izany no olom-baovao. Aza mihevitra ny momban’ny tenanao amin'ny maha-izy ianao talohan'ny nahatongavanao tamin'i Kristy, fa tonga olom-baovao ianao.

Aoka isika hiara-hivavaka hoe: “Andriamanitra ô, misaotra Anao aho fa tia ahy Ianao, fa Nomenao Jesosy, Zanakao, maty ho ahy. Misaotra Anao aho fa nitondra ny fahotako Izy, nandray ny fandavako, ary nanefa ny saziko. Ary satria

© 2008 - Dries Du Plessis

manatona Anao amin’ny Alalany aho, dia tsy nolavina aho, tsy no tsy tiana aho, tsy voailika. Tena tia ahy Ianao. Zanakao tokoa aho. Raiko tokoa Ianao. Anisan'ny Fianakavianao aho. Ny lanitra no fonenako. Misaotra Anao, Andriamanitra. Amena.”

Misaotra Anao, Jesosy ô, noho ny Asanao teo amin’ny hazo fijaliana. Mino izay lazain’Andriamanitra aho—fa ekena ao amin’i Kristy aho—ary manaiky ny tenako koa aho. Manambara aho fa niaritra ny fandavako i Jesosy mba hananako ny Fanekeny amin’ny Ray, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-146-MLG
Nohavaozina farany: 10 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

